**JESUS 316**

# Iza I Jesosy?

**Iza I Jesosy?** Ny Baiboly no manome ny valiny tokana sy marina ho an'izany fanontaniana izany. Ny Apostoly Paoly dia nanoratra hoe, *"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra,"* 2 Timoty 3:16. Ny Baiboly izay nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra, ao amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalipsy, dia mampianatra fa Jesosy dia Andriamanitra hatrizay ka ho mandrakizay. Ny Baiboly dia mampianatra fa Izy no "*Alfa sy Omega, hoy ny Tompo Andriamanitra, Ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy, dia ny Tsitoha,"* Apokalipsy 1:8. Ny Baiboly dia milaza fa Andriamanitra I Jesosy, Ilay Mpamorona, Ilay Mpiandry ondry lehibe, Ilay Tompo, Ilay Mpanavotra, Ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra, Ilay Tompon'ny tompo, Ilay Mpanjakan'ny mpanjaka, Imanoela (Amintsika Andriamanitra), Mpamonjy, Mpisorona be, ary Fananganana ny maty sy fiainana.

**Jesosy dia Mpamorona.** *"TAMIN'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra... Izy no nahariana ny zavatra rehetra Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra mendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray,"* ampahany avy amin'ny Jaona 1:1-14. *"fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy etỳ ambonin'ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany,"* ampahany avy amin'ny Kolosiana 1:16-17.

**Jesosy no "IZAHO IZAY IZY."** Jesosy, Ilay Anjelin'I Jehovah, niantso an'I Mosesy tao anatin'ny rohimemy ao amin'ny Eksodosy 3 (~1,450 talohan'I Kristy) ary nanambara ny Tenany ho ilay "IZAHO IZAY IZY." Ao amin'ny Jaona 8, Jesosy dia manambara ny Tenany ho Ilay "IZAHO IZAY IZY," izay nisy talohan'I Abrahama (~ 2,100 talohan'I Kristy) ary talohan'ny firenena Jiosy. Noheverin'ny Jiosy fa fanambarana ny Tenany ho Andriamanitra izany ka nahatonga azy ireo haka vato hitorahana Azy. Taorian'izay, nanambara Jesosy fa "*Izaho sy ny Ray dia iray ihany,"* Jaona 10:30-31. Ka dia naka vato hitorahana azy indray ny Jiosy.

**Jesosy ao amin'ny Testamenta taloha.** Tsy nisy nahita an'Andriamanitra Ray, Jaona 1:18, 6:46. Kanefa, Andriamanitra, Ilay Jesosy ho tonga nofo, dia niseho tamin'ny olona maro tao amin'ny Testamenta taloha, taona maro talohan'ny nahaterahany tao Betlehema. Niseho ho Ilay Anjelin'I Jehovah tamin'I Hagara tao amin'ny Genesisy 16 & 21, tamin'I Mosesy ao amin'ny Eksodosy 3, tamin'I Gideona ao amin'ny Mpitsara 13. Niseho tamin'I Abrahama koa I Jesosy ao amin'ny Genesisy 18 & 22 ary tamin'I Jakoba ao amin'ny Genesisy 31 & 32. Ary manambara an'I Jesosy ho isan'ny Trinite ny Isaia 48:12-19 (Voasoratra 700 taona talohan'I Kristy).

**Jesosy no Ilay nampanantenaina** Mihoatra ny 300 ireo faminaniana ao amin'ny Testamenta taloha, tao anatin'ny taonjato maromaro, izay mamaritra ny fahaterahana, ny fiainana ary ny fahafatesan'I Jesosy. Ny sasany amin'ireo faminaniana ireo ao amin'ny Salamo 22 dia manome famaritana ny amin'ny nanombohana Azy (nosoratana 1000 taona eo ho eo talohan'I Kristy, raha tamin'izany dia ny fitoraham-bato no fomba famonoana olona meloka ho faty). Ny fahatanterahan'ireo faminanina ao amin'ny Salamo 22 ireo dia voasoratra ao amin'ny Matio 27.

**Jeosy tonga Andriamanitra-Olombelona.** Naminany ny mpaminany Isaia fa "*Zaza no teraka ho antsika, Zazalahy no omena antsika"* Isaia 9:6. Nambaran'I Isaia fa Izy no Andriamanitra mahery. Ilay Zanaka mandrakizay dia nomena tamin'ny endriky ny zazakely teraka tao Betlehema. Efa nisy talohan'ny nahaterahany I Jesosy – tany amin'ny mandrakizay. Ny anaram-boninahitra hoe "Zanak'Andriamanitra" dia milazalaza ny toerana misy Azy fa tsy ny fahaterahany. Tsy hoe nisy Izy rehefa teraka tao Betlehema. Hoy ny nosoratan'ny Apostoly Paoly "*Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazofijaliana,"* Filipiana 2:5-8. Tonga olombelona tanteraka I Jesosy nefa koa tena Andriamanitra Izy. Ilay Jesosy mandrakizay, efa nisy taloha, dia nidina avy any an-danitra mba ho tonga olombelona, Jaona 3:13, 31, Jaona 6:33-38. Sady Andriamanitra no Olombelona I Jesosy.

**Nanao fahagagana I Jesosy.** Ny ankamaroan'ireo fahagagana nataony dia hita ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ny telo amin'ireo dia manaraka ny fanambarana nataony. Namoky tamin'ny fomba mahagaga olona 5,000 Izy ary niteny Izy avy eo hoe "I*zaho no mofon'aina"* Jaona 6:35. Nanasitrana lehilahy jamba Izy rehefa avy niteny hoe *"Raha amin'izao tontolo izao Aho, dia fahazavan'izao tontolo izao,"* Jaona 9:1-8. Ary hoy koa Izy *"Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray,"* Jaona 11:25. Dia nankeny amin'ny fasan'I Lazarosy namany izay efa maty efatrandro I Jesosy ary niantso azy ho velona indray. Nanasitrana ny marary, ny kilemaina, ny marenina, ny moana, ny boka ary ny azon'ny demonia I Jesosy. Namadika ny rano ho divay Izy, ary nampitony ny ranomasina. Ny Matio 9:2-7 dia mitantara ny amin'ny olona izay nitondra lehilahy mararin'ny paralisisa teo amin'I Jesosy.

Hoy izy tamin'ilay lehilahy *"Matokia, anaka; voavela ny helokao."* Ireo mpitondra fivavahana tamin'izany dia nihevitra fa miteny ratsy I Jesosy satria Andriamanitra irery ihany no afaka mamela heloka. Nanontany azy ireo I Jesosy hoe *"Fa iza moa no moramora kokoa, ny manao hoe va: Voavela ny helokao, sa ny manao hoe: Mitsangàna, ka mandehana? Fa mba ho fantatrareo fa ny Zanak'olona manana fahefana etỳ ambonin'ny tany hamela heloka (dia hoy Izy tamin'ilay mararin'ny paralysisa): Mitsangàna, betao ny fandrianao, ka modia any an-tranonao. Dia nitsangana izy ka lasa nody tany an-tranony."*

**Nanaporofo I Jesosy fa Andriamanitra Izy.** Nahatanteraka ireo faminanian'ny Testamenta Taloha mikasika ny fahaterahany, ny fiainany ary ny fahafatesany I Jesosy. Nanao fahagagana maro Izy mba hanaporofoany fa Andriamanitra Izy. Nampianatra tamim-pahefana Izy. *"Ary nony efa vitan'i Jesosy izany teny izany, dia talanjona ny vahoaka noho ny fampianarany, satria nampianatra azy toy izay manana fahefana Izy, fa tsy tahaka ny mpanora-dalàna teo aminy."* Matio 7:28-29. Ary niaina fiainana tsy misy fahotana Izy, Hebereo 4:15, 1 Petera 2:22, 1 Jaona 3:5. Jesosy, amin'ny maha-Andriamanitra- Olombelona tsy manana ota Azy, dia tonga Zanak'Ondry tanteraka, tsy misy tsiny, natao fanatitra teo amin'ny hazo fijaliana noho ny fahotantsika. "*ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany teo ambonin'ny hazo, mba ho faty ny amin'ny ota isika, fa ho velona ny amin'ny fahamarinana,"* 1 Peter 2:24.

**Nohomboina teo amin'ny hazo fijaliana I Jesosy ary nitsangana tamin'ny maty.** *"fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo tamin'ny fitondrantena adala, izay azonareo tamin'ny nentin-drazana, fa ny ra soan'i Kristy, toy ny ran'ny zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina*1 Petera 1:18-19. *"Ary izahay no vavolombelon'ny zavatra rehetra izay nataony tany amin'ny tanin'ny Jiosy sy tany Jerosalema; Izy dia novonoiny nahantony teo amin'ny hazo; nefa natsangan'Andriamanitra kosa Izy tamin'ny andro fahatelo ka nasehony marimarina- Izy no ambaran'ny mpaminany rehetra, fa amin'ny anarany no hahazoan'izay rehetra mino Azy famelan-keloka,"* Asa 10:39-40, 43. *"Fa natolotro anareo ho isan'ny zavatra voalohany indrindra ilay noraisiko, dia izao: Kristy maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra Masina, dia nalevina, ary natsangana tamin'ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina,"* 1 Korintiana 15:3-4. Nitsangana tamin'ny maty I Jesosy ary hitan'ny vavolombelona maro talohan'ny niiakarany indray ho any an-danitra.

**Jesosy no lalana tokana mankany amin'Andriamanitra.** Hoy Jesosy *"Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako,"* Jaona 14:6. Ny Apostoly Petera dia nilaza fa, *"Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena," Asa 4:12. Ny Apostoly Paoly dia nanarotra fa, "Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy, Izay olona, sady nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra,"* 1 Timoty 2:5-6. Ny lalan'I Jeossy ho any amin'Andriamanitra dia hafa mihoatra ny an'ireo fivavahana hafa. Tsy manolotra vahaolana ho amin'ny olan'ny fahotantsika izy ireo. Mampianatra izy ireo fa raha manao tsara amin'ny ankapobeny ianao, araka ny famaritany samihafa ny tsara sy ny ratsy, dia mety tsy hijery ny fahotanao ny andriamaniny ary mety hamela anao ho any an-danitra. Ny lalan'I Jesosy dia hoe raha mino Azy ianao dia voaloha ny trosam-pahotanao teo amin'ny hazo fijaliana ary voavela heloka ianao. Rehefa miaraka amin'I Jesosy dia mankany an-danitra voavela heloka ianao. *"Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay,"* Jaona 3:16.

**Hiverina I Jesosy.** Hoy Jesosy, *"Aza malahelo ny fonareo; minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa,"* Jaona 14:1-3. Ary amin'ny teny farany ao amin'ny Baiboly dia hoy Jesosy, "*Eny, avy faingana Aho. Amena. Avia, Jesosy Tompo,*" Apokalipsy 22:20-21. Raha hiverina androany I Jesosy, moa ve ianao vonona ny hitsena Azy? Tsidiho ny www.Gospel316.org mba hanananao fahatokiana fa vonona ianao amin'ny alalan'ny finoanao an'I Jesosy sy amin'ny famelan'Andriamanitra ny helokao.

**Jesosy dia Andriamanitra hatrizay ka ho mandrakizay.**

**Talanjona amin'ny fitalanjonana mahagaga rehefa tononina ny Anarany!**

---

*Iza I Jesosy?* © 2025 by John D. Morris III dia navoakan'ny Acts One Eight. Azonao atao ny manonta malalaka, mandika, mandefa, mailaka, na mandefa hafatra miaraka amin'ny atiny tsy miova miaraka amin'ity fanambarana feno ity. Azonao atao ny manampy ny anaran'ny asa fanompoana na ny fiangonanao na ny logo eo an-tampon'ny pejy voalohany ary ampio ny mombamomba anao eo ambonin'ny tsipika mivaingana eo akaikin'ny faran'ny pejy faharoa. Jesus316 dia miorina amin'ny Baiboly irery ihany. Ny tanjony dia ny mba hanampiana ny olona ho tonga amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy ary avy eo hitombo ho mpianany. Azonao atao ny mandefa mailaka amin'ny Acts One Eight (amin'ny teny anglisy raha azo atao) amin'ny: Hello@Mail316.org. Ny fandikanteny ho an'ny fiteny tsy anglisy dia nataon'ny www.ChristianLingua.com. *Iza I Jesosy?* dia misy amin'ny fiteny 48 maimaim-poana ao amin'ny www.Jesus316.org. Ireo Tenin'Andriamanitra amin'ny fiteny Anglisy dia avy amin'ny The Lockman Foundation's New American Standard Bible 1995. Ny Tenin'Andriamanitra amin'ity fandikanteny ity dia avy amin'ny Baiboly Protestanta Malagasy.